# EMPLOI DE L'IMPARFAIT DE L'INDICATIF /

# FAMPIASANA NY IMPARFAIT DE L'INDICATIF

Amin'ny sehatra ankapobeny, dia natao hilazana asa na tranga niseho tamin'ny vanim-potoana lasa ny imparfait. Na dia izany aza, dia misy ihany koa ireo sehatra hafa ampiasana azy izay hojerena mifanesy etsy ambany.

**Exprimer une habitude au passé / Milaza fahazarana tany aloha**

Ity dia sehatra iray ampiasana ny impafait, izay maneho fahazarana na zavatra fanao tany amin'ny vanim-potoana lasa.

Exemples:

- Nous allions au cinéma tous les dimanches. / *Mankany amin'ny sinema foana izahay isaky ny alahady.* (tamin'izany fotoana izany)
- Je prenais des cours de natation tous les mercredis. / *Nanao fianarana lomano foana aho isaky ny alarobia.* (tamin'izany foatoana izany)
- On jouait aux cartes dans le jardin de ce palais. / *Mpilalao karatra tao amin'ny zaridainan'io lapa io izahay tamin'izany.*

**Faire une proposition / Manao tolokevitra**

Ny imparfait ihany koa dia ampiasaina entina manolo-kevitra, ohatra manome sosokevitra momba ny zavatra mety hatao.

Exemples:

- Et si on allait faire un tour? / *Ary ahoana raha mandehandeha?*
- Et si on on jouait aux devinettes? / *Ary ahoana raha manao ankamantatra?*
- Et si on faisait du lèche-vitrine? / *Ary ahoana raha mandeha mijerijery tsena?*

**Marquer la politesse / Maneho fahalalam-pomba**

Anisan'ny antony ampiasana ny imparfait ny sehatry ny fahalalam-pomba, araka ny ohatra izay omena eto ambany.

Exemples:

- Je voulais vous présenter mon ami Antoine. / *Mba tiako hampahafantarina anareo ny namako Antoine.*
- Nous souhaitions savoir si le Shop est ouvert tous les jours. / *Mba te hahafantatra izahay hoe mivoha isan'andro ve ny tranombarotra.*

Anglais Français en Ligne by Mr Rariny

**aller**: mandeha

**cinéma**: sinema

**tous les**: isaky ny

**dimanche**: alahady

**prendre des cours**: manao fianarana

**natation**: lomano

**mercredi**: alarobia

**jouer aux cartes**: milalao karatra

**jardin**: zaridaina

**palais**: lapa

**faire un tour**: mandehandeha

**devinette**: ankamantatra

**faire du lèche-vitrine**: mijerijery tsena

**vouloir**: te

**présenter**: mampahafantatra

**ami**: namana

**souhaiter**: maniry

**savoir**: mahalala

**shop**: tranombarotra

**ouvert**: misokatra, mivoha

**tous les jours**: isan'andro

**espérer**: manatena

**pouvoir**: afaka

**utiliser**: mampiasa

**ordinateur**: ordinatera

**accomplir**: manatanteraka

**tâche**: raharaha, asa

**dormir**: matory

**seul**: irery

**soudain**: tampoka teo

**quelqu'un**: olona

**frapper à la porte**: mandom-baravarana

- J'espérais pouvoir utiliser cet ordinateur pour accomplir les tâches. / *Manantena aho fa ho afaka hampiasa ity ordinatera ity mba hamitana ny asa.*

## Exprimer une action au second plan / Maneho asa na tranga ambadika

Matetika miaraka amin'ny passé hafa ny imparfait raha toa ka entina milaza asa na tranga miseho ao ambadiky ny asa na tranga hafa iray. Izany hoe zavatra efa niseho nitohy ka tapahan'ny zavatra tonga tampoka eo anelanelany.

Exemples:

- Je dormais seul, soudain quelqu'un a frappé à la porte. / *Natory irery aho, ary tampoka teo nisy nandona tao am-baravarana.*
- Il pleuvait quand je suis arrivé à la maison. / *Avy ny orana tamin'izaho tonga tao an-trano.*
- Nous vivions en paix mais tu as gâché notre vie. / *Niaina am-piadanana izahay nefa nosomparanao.*

**pleuvoir**: avy orana

**arriver**: tonga

**maison**: trano

**vivre**: miaina

**en paix**: am-piadanana

**gâcher**: misompatra, migafy

**vie**: fiainana

Anglais Français en Ligne by Mr Parimy